# 10 NY VALINTANANA

**TANJONA**

Mahatakatra ny soatoavina amin'ireo fihetsika sy fomba amin'ny valintanana.

**VONTOATIM-PAHALALANA**

**Ny valintanana**

- Ny valintanana dia asa famokarana ifarimbonan'ny mpiray tombontsoa manatontosa, ka hahitana taratra fifankatiavana, firaisan-kina, fifampitsinjovana, fanamafisam-pihavanana ary fahombiazan'ny fihariana. Ahitana azy ireo sehatra ilana tana-maro toy ny tao trano, tao fasana ary indrindra fa ny voly vary.
- Ny fiantso ny valintanana dia miovaova araka ny faritra: **kifanomba** amin'ny faritra Betsileo, **valintanana** eto afovoan-tany, **haoŋa** amin'ny Bara, **lampoŋo**, **tambirô** amin'ny faritra avaratra, **asa haniŋa** faritra atsimo, **fehy miasa** atsimo atsinanana.

**Fandrindrana ny valintanana**

- \- Fampandrenesana ny mpiray tombontsoa mialoha, ilazana ny fotoana sy ny toerana iasana.

\- Vonona hanaiky izay fandaharan'asa nifanarahana ny mpiray tombontsoa.

\- Asa tsy mba ampiasana vola fa herin-tsandry valiana herin-tsandry.

\- Ny tompon-draharaha no miantoka ny sakafo sy ny kojakoja amin'izany.

## Sahanasa 1

a. Vakio tsara ny lahatsoratra ary hajao ny lantom-peo sy ny mari-piatoana eo am-pamakiana azy.

**Fetin'ny asa**

Voalohan'ny volana mey ny andro. Fetin'ny mpiasa koa. Vao maraina ihany koa aho dia tonga tany amin'ny tanàna nahabe anay ; nefa zaza amam-behivavy revo mikarakara sakafo atoandron'ny mpiasa no hany tratrako tao. Ny vatan-dehilahy efa any an-tsaha avokoa araka ny fanazavan-dRanabavy. Falifaly ery izy nanampy hoe : "Nindrana mpinjinja vary mantsy izahay ka eny an-tanimbary izao ny zaodahinao miaraka amin'ny olona marobe. Ety aminay moa ny valintanana mbola tsy tontan'ny ela sady tsy mba firehan-kevitra nohafarana; ny milina samihafa koa mbola tsy eo hisolo azy".

Lasa avy hatrany aho nankeny an-tanimbary. Rakotra olona tokoa ilay tanimbary mahavokatra hatry ny ela. Ny etsy mijinja, ny eroa mitaona, ny hafa mandamina ny tonta. Mifampizara izy rehetra amin'izany ka iaraha-mihoby ny mahavita aloha, nefa ifanampiana koa izay tratra aoriana na amin'ny fijinjana na amin'ny fitaomana.

***Boky LOVAKO, T9, tak.22***

a. Lazao ny foto-dresaka ao amin'ny lahatsoratra.
b. Ataovy anaty fehezanteny iray ny foto-kevitra ijoroan'ny lahatsoratra.

**Sahanasa 2**

a. Karohy ao amin'ny lahatsoratra ireo andian-teny na fehezanteny maneho fihetsika na fomba mikasika izany valintanana izany. (Misy telo izy ao amin'ny lahatsoratra)

b. Hazavao ka ezaho takarina ny hevitr'ireo andian-teny na fehezanteny maneho fihetsika na fomba mikasika izany valintanana izany :

d. Valio araka izay zava-misy ao amin'ny lahatsoratra ireto fanontaniana ireto :

- Amin'ny tontolo manao ahoana no ahitana ny fanaovana valintanana ?
- Asa inona avy no ampiasana ny valintanana ?
- Fotoana inona ao anatin'ny taona no anaovana azy ?
- Iza avy no manatanteraka ny valintanana ?
- Inona no tsy maintsy atao alohan'ny hanatanterahana ny asa ?
- Inona no vokatra andrandraina amin'ny fanatanterahana azy io ?

## Sahanasa 3

a. Fantaro ny soatoavina mifanaraka amin'ireto fomba amam-panao sy fihetsika eo amin'ny fanatontosana ny valintanana ireto.

| Fomba amam-panao sy fihetsika | Soatoavina fonosiny |
|---|---|
| - Olona marobe no miasa. | ................................................ ......... |
| - Fikarakarana sakafo ho an'ireo mpiasa. | ................................................ ......... |

b. Fenoy ny banga ao amin'ny fàfana araka ny faritra na ny foko misy ireto fomba amam-panao ireto :

| Fomba | Faritra |
|---|---|
| Tambirô | |
| Valin-tanana | |
| Lampoŋo | |
| kifanomba | |
| Fehy miasa | |

d. Fenoy ny banga amin'ireto ohabolana sy fomba fiteny ireto, hanamafisana ny fahalalana mahakasika ny fifanomezan-tanana eo amin'ny Malagasy

- «Ny entan-jarai-…………………………»
- «Asa vadi-drano tsy vita……………………………………………….»
- «Tsy mahavaly fitia ………………………………………………….»
- «Hazo tokana tsy mba ala, ………………………………………»
- «…………………. tsy efan'ny irery».
- «…………………………., soroka miara-milanja».

## Sahanasa 4

Sorato anaty lahatsoratra misy fehezanteny dimy ambin'ny folo (15) fa ny valintanana dia fomba fiasa mitahiry soatoavina eo amin'ny Malagasy.